**FISAORANA an'ANDRIAMANITRA avy amin'i Masera *Slava COPER, Fikambanan'ny masera du Bon Secours any Chartres***

## TOMPO JESOA,

**Misaotra** noho ny fitiavanao mambomba sy mitantana anay.

**Misaotra** tamin'ny taona rehetra, niarahanay tato amin'ny Fikambanana , « ho Anao ».



**Misaotra** noho ireo masera rehetra nialoha làlana anay. Manara-dia azy ireo izahay, manohy miaina ny Fitsaohana sy manakaiky ireo rahalahinay.

**Tehirizo** mandrakariva ao amin'ny Fiadanana sy Fanantenana izahay.
Ny Fanahinao Masina anie hitantana sy hanilo anay hatrany hatrany, amin'izao fotoana omenao ho anjaranay izao.

**Ataovy mifantoka izahay**, na eo aza ny vesatry ny taona, amin'ireo antso sy zava-misy eo amin'izao tontolo izao mitady izay manan-danja , mba hahita ny famantarana ny Fisianao.

**Ampio izahay hiaina amin-kafaliana** ny fotoana ankehitriny mba ho « mpiambina anaty vavaka » ary hanankina Aminao ny fitokisanay, hiantehitra tanteraka amin'ny Fiahinao.

**Omeo anay** ny fanekena ny fahavitsian'ny isanay, ny mampaharefo anay, mba andevina izany ao amin'ny fonao be fitiavana.

**Ampianaro anay**, Tompo, ny tsy hivadika ka hanomboka indray ary omeo anay ny fahasoavana tsy hamela ny fikomian'ny fandrahonana maro hanozongozona anay.

Ho liana amin'ny zava-drehetra anie izahay: IANAO, ny hafa, ny fiainana…

**Tompo Jesoa,** misaotra amin'ny Fitiavanao ; ny herin'ny Fanahinao anie hitarika anay amin'ny làlan'ny fiainana.

**Ho hainay ny hametraka** ny dianay amin'ny Dianao ,
ny fonay amin'ny Famindram-ponao tsy misy fetra,
ny fijerinay amin'ny Fahitanao mazava ny zava-mitranga eo amin'izao tontolo izao,
Mba hisian'ny fahamarinana bebe kokoa, fitiavana sy fiadanana.
Ampandalovy miaraka aminao ny fahafatesana ho amin'ny fiainana izahay.

*Ankalazaina ianao ry Tompo, noho ity fotoan-dehiben'ny taonan'ny olom-boatokana 2015 ity*